# Alahady tsotra faha-17 Mandavantaona Taona B 2024



## Velomin'Andriamanitra amin'ny mofo avy aminy isika

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo Alahady tsotra faha-16 mandavantaona no niara-nivavaka isika ho an'ireo Masera CIM de Diego Suarez nanao voady hiombona mandrakizay amin'i Jesoa, hiombona anjaram-piainana aminy. Niara-nivavaka ihany koa isika ho an'ireo pretra nanomboka ny laretiretiny ary dia mamarana azy amin'izao. Izany rehetra izany dia mitondra antsika amin'ny volana Aogositra, volan'ny Kongresy Eokaristika Nasionaly (KEN 2024). Matetika aho no miteny tsy misy kisendrasendra fa tian'Andriamanitra anehoany amintsika tokoa ny sitrapony. Indro fa ny vakiteny mitondra antsika hatramin'ny KEN dia ny toko faha 6 ny Evanjelin'i Md Joany izay natokan'i Md Joany manolotra ny fampianarana mikasika ny Mofon'aina, Mofo Mahavelona dia ny Eokaristia. Fahasoavana miampy fahasoavana izany ka anjarantsika ny manararaotra mandray azy ka mitondra antsika hanana fiainana eokaristika.

**Vakiteny I :** 2 Mpanj 4, 42-44
**Tononkira :** Salamo 144
**Vakiteny II :** Efez. 4, 1-6
**Evanjely :** Jn. 6, 1-15

Ny zava-dehibe tsara tsipihina ihany koa dia samy fola-kevitra isika fa mila manao "nouveau départ", Pantekoty vaovao isika tolagna ka hiroso mba ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Ny faniriana sy ny tanjona dia mba hiroso ho génération Mpanorina tokoa manorina Fianakavian-janahary, ho fianakaviamben'Andriamanitra isika Jiaby ho FRATELLI TUTTI ho OLO ARAIKY ISIKA JIABY . Izany fanorenana izany araky ny efa fantatsika dia tsy maintsy vokatry ny fahavononana, samy fola-kevitra. Izany fahavonona izany, izay izany fahafolahan-kevitra izay dia mitaky fahafoizana, faharetana, fahasahiana, fitiavam-bavaka sy fandraisana an-tànana. Ireo no toe-panahy hanampy antsika hiroso hameno ireo siny, sajoa saota, siny 6 araka ny hafatr'I Masina Maria : "Ataovy izay lazaina aminareo…" : mivavaka, mandalim-pinoana, mirotsaka, mikatroka, mivory, mandray an-tanana,

mankalaza…

Mifanojo amin'izany rehetra izany ny foto-kevitra tamin'ny alahady lasa teo satria « nangoraka ny vahoaka marobe i Jesoa satria nahita azy ireo toa ny ondrikondrika tsy mana-mpiandry dia nampianatra azy ireo zavatra maro. Izany indrindra no ataontsika mandritra izao sinaoda izao sy amin'izao KEN 2024 izay efa akaiky.

Isika izao no Kristy Mpiara belona amin'ny olona, izany no maha EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA irahina antsika hamahana ny olo amin'izao andro sarotra izao. Io ny foto-pampianaran'ireo vakinteny amln'izao Alahady faha-17 izao. Raha atao amin'ny teny hafa mangoraka antsika i Jesoa ka manasa antsika amin'ny Eokaristia. Izany no ataony amin'izao KEN izao. Mizara sakafo mahavelona antsika araka ny voalazantsika teo. Fahasoavana miampy fahasoavana.... Andeha ho dinihintsika rehetra izany avy amin'ireo vakinteny aroson'ny Eglizy.

Lehilahy iray avy any Baala-Salira no nitondra mofo orja roapolo sy vary vaovao ao an-dasàkany natao santa-bary ho an'i Elizea. Fomba fanao ny mitondra ny voaloham-bokatra, manolotra ny tsara indrindra ho an'Andriamanitra, ka omena ny mpanompony izany. Mbola mitohy io fomba io hatramin'izao ary hatraty amintsika . Maro ireo kristianina ankehitriny no manana izany fahazarana tsara izany. Rehefa nahavokatra na nahatavy na nahavita asa tanana mendrika, dia tsaroana voalohany Andriamanitra ary tsy hadinoina ihany koa ny Eglizy, ka manomana fanatitra aterina eny amin'ny otely. Mila tso-drano tokoa ny fiainana. Tsara tohizina izany fahendrena izany fa indrindra amin'izao andro sarotra izao. Io ilay fandraisana an-tanana lazaintsika. Io no HASIM-PINOANA hamelomantsika ny diosezy. Tohizo ary mampirisika antsika hanao tsara kokoa. Io ihany no dikany ny fanatitra ataontsika amin'ny Eokaristia. Izao fiomanana antsika amin'ny KEN hanampy antsika hiroso lalindalina kokoa…

Ity lehilahy ity àry dia nanao fanatitra ho an'Andriamanitra sy nanao fankasitrahana ho an'i Elizea mpanompony. Ahoana no nasetrin'ity olon'Andriamanitra ity? Nasainy nomena sy natolotra ho an'ny olona (eo ho eo amin'ny zato) izay vory teo tamin'izany andro izany ny mofo orja roapolo. Tsy ampy ho an'ireo olona izany hoy ralehilahy, fa hoy indray Elizea hoe: Omeo *ireo olona ireo izany hohaniny fa izao no lazain'hy Tompo: hihinana ny olona ary mbola hisy sisa tsy lany.* Dia tanteraka tokoa izany. Toetra tsara alaina tahaka ny nataon'i Elizea, izay ray aman-dreny mpiahy ny olony tokoa. Nanana zo nandray ho azy samirery ny santa-bokatra izy, kanefa nahita ny hanoanan'ny olony dia nahafoy izany ho azy ireo. Na teo amin'ireo olona ireo ihany koa aza dia nisy ny fahaizana nifampizara; tamin'izany indrindra no nanaovan'Andriamanitra fahagagana. Ny fahagagana nataon'Andriamanitra tamin'i Elizea dia tandindon'ny fampitomboana ny mofo sy hazandrano nataon'i Jesoa ho an'ny olona aman'arivony.

Ny tantaran'i Elisea dia tandindon'i Kristy mampitombo ny *mofo dimy sy hazandrano.* Tsy afenina fa mahalasa saina ihany rehefa mandinika ny zava-misy iainantsika izao. Manoloana ny hanoanana sy ny fahantrana mirongatra, mampitaraina ny tsy manan-kianteherana hiaka re etsy eroa dia tsy afenina fa miantefa amintsika ny tenin'i Kristy : *"Omenareo hanina izy ireo"* Mk 6. 37. Izy Kristy ihany anefa no milaza ny mety ho valinteny azontsika omena: "Aiza no hividianantsika mofo hohanin'ireo?" (Jn 6,5) ary mety hotohizantsika koa hoe : Aiza no hahitana vola hividianana mofo ho an'ireo???

Ho an'izay tsy vonon-kahafoy dia mahita tsiny mandrakariva. Ambaran'i Jesoa anefa fa ny tena mpianany dia mpitory fanantenana sy mpizara hafaliana, mpamafy fihavanana sy

fiadana! Tsy ny habetsahan’ny atolotra no andrasan’i Jesoa aamintsika fa ny fahafoizana izay hany kely ananana! Tsy ny ambim-bava manko no omena ny mahantra fa izay *kely mba ivelomana* (Mk 12. 43) ambaran’ny mofo dimy sy hazandrano roa. Izay vokatry ny fontsika no *santa-bary* no entina hitsinjovana ny mahantra (Vakiteny I 2 Mpai 4. 42-44) ka tsy fiononana fotsiny ihany amin’ny fahamarinana hanomezana ny tandrify azy ny hafa izay. fa *fitiavana* hahafoizana ny an’ny tena, ho an’ireo izay heverina ho niangaran’ny vintana na sanatrian’izany aza ho an’ireo tsaraina ho *kamo be tenda*, mivelona amin’ny hataka... satria mahatsapa fa ny fitiavana no manova sy mampibebaka ny fo ka tsy vesatra velively ho an’ny fiaraha-monina ny mahantra fa fambara manaitra ny fontsika hitia bebe kokoa satria ny *fitiavana* no hitsarana antsika. *(Caritas in veritate* toko III)

Very saina isika “Aiza no łalan-kaleha”. Mavozo isika… Mamintina ny tahotra mahazo antsika miatrika izany zava-misy izany ny vavaka fangatahana nanombohana ny Eokaristia amin’izao Alahady faha-17 : *tahio izahay mampiasa ny zava-mandalo ety an-tany mba tsy ho very anjara amin’ny harena mandrakizay.* Izay fikatsahana ny mandrakizay izay ihany no manafaka antsika amin’ny mety ho fahihirana amin’ny harena mandalo. Izany no manampy antsika hahatsapa fa tsy ny habetsaky ny oaangona hitsinjovana ny vodiandro ho merika tsy akory no hahafahana mahazo ny mandrakizay fa ny *fahafoizana* maneho ny fitiavana, ka hahasambatra ireo nahafoy ho an’i Kristy.

Izany no hidirantsika tsikelikely amin’ny fandalinana mikasika ny Vaovao Mahafaly.

Ny Evanjely nosoratan’i Md Joany no aroso amintsika manomboka amin’izao araka ny voalazantsika ary tena manohy ny famaranana ny Evanjely tamin’ny Alahady lasa teo ary indrindra Evanjely mampiditra antsika hiaina sahady ny KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY 2024. Hitohy izany famakiantsika ny toko faha 6n’i Md Joany izany mandritra ny dimy Alahady manaraka. Ny toko faha-6 no ilay ataon’ny Mpandinika hoe *Evanjelin’ny famantarana.* Fito ireo famantarana nataon’i Jesoa ao amin’i Md Joany. Fahaefatra ity fampitomboana ny mofo sy hazandrano ity Ireo *famantarana* ataon’i Jesoa ireo dia mampandefa any amin’ny tena *Famantarana* ka mampahatsiahy ny Sakramenta (famantarana hita maso sy ren’ny vatantsika). Manao famantarana I Jesoa (fahagagana ao amin’ny Evanjely sinôptika) nefa tsy mijanona amin’izany ihany ; ilay famantarana ataony dia manambara Azy mihitsy. Ohatra: nanangana an’i Lazara tamin’ny maty *(famantarana)* Izy, mba hilazàna ny fitsanganany amin’ny maty : *Izaho (Famantarana) no fananganan-ko velona.* Ny fampitomboana ny mofo sy ny hazandrano izany dia tandindon’ny Eokaristia sahady. Ilay loharano sy fototra ny fiainantsika ka misogadina eto ny fampianarana mikasika ny Eokaristia tapany voalohany dia ny EOKARISTIA MOFON’AINA, SAKAFO MAHAVELONA. Ny tapany faharoa ny FIAINANA EOKARISTIKA izany hoe ny fahafoizana sy fanompoana izay dia ny toko faha 13 no mampisongadina azy

Vahoaka maro be no nanatona an’i Jesoa sy nanaraka Azy. Izy no nanontany voalohany an’i Filipo, mpianany, izay mipetraka sy mahafantatra tsara ny faritra misy azy ireo io. Efa fantatr’i Jesoa ny tokony ataony na dia mody nanontany aza Izy : *Aiza no hividianantsika mofo hohanin’ireo?* Dia hoy i Filipo: *Na dia mofona dénié roanjato aza, tsy ampy hahazoan’izy ireo sombiny kely avy akory.* Tokony ho dimy arivo no isan’ny lehilahy tamin’izany. Na dia karama mandritra ny roanjato andro aza hoy i Filipo dia tsy ho ampy hividianana mofo ho an’ny tsirairay. Amin’ny maha-olona dia tsy ho vita ny hamoky ireo vahoaka ireo. Nisy zazalahy anankiray nanana mofo orja dimy sy hazandrano roa tao, kanefa ho ampy inona izany hoy i André.

Eto indrindra no manomboka ny asa mahagaga nataon'i Jesoa. Asaovy mipetraka ny olona hoy Izy. Dia nandray ny mofo i Jesoa, ka nony efa nisaotra dia nizarazara azy tamin'izay nipetraka ary nomeny toy izany koa ny hazandrano sady nampanaraniny fo. Nangonina ny sombintsombiny sisa tsy lany ka nahafeno sobika roa ambin'ny folo. Efa akaiky ny Pakan'ny Jody tamin'izay hoy ny Evanjelista, manamafy an'izany ihany koa ny filazana fa nisy ahitra be teo tamin'izany (fotoanan'ny Paka). Ny fihetsika sy ny teny nataon'i Jesoa dia nanambara mialoha sahady ireo fihetsika sy teny hataony tamin'ny Sakafo farany izay namoronany ny Eokaristia. Manambara mialoha sahady ny Pakan'i Jesoa ity famantarana nataony ity.

I Jesoa tokoa àry dia namoky ireo vahoaka maro be nanatona sy nanaraka Azy. Sakafo ara-batana io. Nampanaraniny fo mihitsy izay rehetra nihinana, kanefa mbola nisy ambiny ihany. Nony nahita ny fahagagana ireo olona ireo dia nanao hoe: *Ity tokoa no ilay Mpaminany ho avy amin'izao tontolo izao.* Fantany fa ho avy haka Azy an-keriny hatao mpanjaka izy ireo dia lasa nihataka i Jesoa, ka nandeha irery niery tany an-tendrombohitra. Ny sakafo ara-batana ihany tokoa no tao an-tsain'ny olona. Mitady an'i Jesoa ny olona - henointsika amin'ny Alahady ho avy izany, satria nahita fahagagana, ka notenenin'i Jesoa mafy hoe: noho ny fahagagana sy ny nahavokisanareo no nitadiavanareo Ahy, aza mianona fotsiny amin'ny sakafo eto an-tany fa tadiavo ary angataho ny sakafo mahavelona sy maharitra mandrakizay, tsy inona izany fa ny Teniny sy ny Tenany. Angatahontsika amin'i Jesoa indrindra indrindra àry ilay sakafo mahavelona mandrakizay, ny Eokaristia. Ny fiainana sy ny Tenan'i Jesoa no omeny antsika isaky ny mankalaza ny Eokaristia isika.

Fa anisan'ny zava-dehibe eo amin'ny fiainantsika ny fahaizana mifampizara ny kely ananana. Ohatra ho antsika ilay zazalahy nanana mofo dimy sy hazandrano roa, nahafoy izany mba hozaraina amin'ny hafa. *Valala iray ifanapahana,* hoy fitenintsika. *Trano atsimo sy avaratra ka izay tsy mahalen-kialofana.* Niainga tamin ny tolotra nataon'ity zazalahy ity ny fampitomboana nataon i Jesoa. Azony natao mihitsy ny nanao fahagagana avy hatrany, fa te hampianatra antsika hahay mifampizara Izy, ka miandry izay kely avy amintsika.–Iny mason-tsokina masom-boalavo avy amintsika iny no lasa sakafo nampiray ka nahavoky ny olona rehetra. Rehefa misy tokoa mantsy ny fifankatiavana sy ny fifampizarana dia efa karazana fahagagana izany. Fa tena mahatalanjona indrindra ny nampitomboan'i Jesoa an'izany zavatra tsara efa misy eo amintsika izany. Maro ny fahasoavana efa nomen'Andriamanitra antsika tsirairay avy, ary samy manana fanomezam-pahasoavana avy Aminy avy isika. Entina hanasoavana ny hafa izy ireny fa tsy natao hokobonina ho an'ny tena samirery akory.

Raha mandinika izany rehetra izany isika dia I Md Paoly izay migadra any an-tranomaizina noho ny amin'ny Tompo, no mamaly antsika ary manoro antsika ny lalan-kombana tahaka ny nataony tamin'ny Kristianina tany Efezy. Nanoratra taratasy fankeherezana izy. Azo lazaina fa, miantefa amintsika ihany koa ny hafany, isika miatrika izao sinaoda manaraka izao fanamasinana izao. *Ry kristianina havana, mangataka aminareo aho, mba hanao fitondran-tena mendrika ny fiantsoana niantsoana anareo, amin'ny fanetren-tena sy halemem-panahy rehetra, amin'ny fahari-po, amin'ny fifandeferana, amim-pitiavana; mikeleza aina hitana ny firaisam-po am-panahy akamban'ny fihavanana.* Ny hafatra voalohany dia ny hananana fitondran-tena mendrika ny fiantsoana niantsoana antsika : zanak'Andriamanitra amin'ny teny, amin'ny fihetsika ary amin'ny atao rehetra. Antsoina ho masina sy ho masim-pitondran-tena isika. Avy eo dia

tanisain'i Md Paoly ireo toetra tsy maintsy hananana mba ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA: fanetren-tena, halemem-panahy, fifandeferana, fitiavana. Asiany tsindrim-peo manokana ny momba ny fiombonana, izay haorintsika eo anivon'ny fianakaviana, Fiangonana, fiaraha-monina, satria tena iray, Finoana iray, Fanahy iray, Fanantenana iray, Tompo iray, Fitiavana iray, Batemy iray, ary Andriamanitra iray, no raintsika rehetra.
Ry Jesoa Tompo ô ampianaro izahay fa indrindra amin'izao fiomanana amin'ny KEN izao hahay hanokatra ny masom-pinoana sy ny fonay hahita izay rehetra mamatotra ny vahoaka ka hikatsaka izay lalana mety hitondra anay amin'ny fanorenana ny Eglizy Fianakavian'Andriamanitra. Ampio izay hahafoy, hifampizara ka hifanasoa sy hifampitsimbina.
Jesoa Ianao ilay endriky ny famindram-pon'Andriamanitra dia ny fitiava-namana. Ny endrikao dia ireo manodidina anay fa indrindra ireo izay ao anatin'ny fahasahiranana ka ampio izahay hahay hanokatra ny fonay ho azy ireo. Masina Maria Renin'i Jesoa, Reninay ampio izahay hikendry mandrakariva ny fanjakan'Andriamanitra tahaka Anao mba ho Tabernakla Velona. Md Josefa ankininay aminao ireo manana andraikitra rehetra eo anivon'ny fiaraha-monina mba samy hanana « fon-dray » ka hangoraka tokoa ka hikatsaka mandrakariva ny mahasoa sy marina ho fampandrosoana ny mahaolona sy olona rehetra. Amen
Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson